# TATITRY NY FILAN-KEVITRY

# NY MINISITRA

**Alarobia 19 aogositra 2026 – Filank-kevitry ny Minisitra ampitain-davitra**

## I. FAMPITANA AM-BAVA

### FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahan-dalana ny handoavan'ny FSM S.A ny saran'ny fitahirizana ireo kesika roa misy fitaovam-pikojakojana ireo fiarabe FOTON izay nafarany.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava ny amin'ny fanamafisana ny fanaraha-maso ny fanajan'ireo kaoperativam-pitaterana nasiônaly sy reziônaly ireo fepetra fiarovana ny mpandeha hisorohana ireo lozam-pifamoivoizana ka andraisana sazy hentitra hatramin'ny fanakatonana ireo tsy manara-dalàna.

### MINISITERAN' NY FOLOALINDAHY + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY ASA VAVENTY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny tetikasa asa vonjy taitra ho fanokafana indray sy fanarenana ireo faritra tena simba sy teboka manahirana amin'ny Lalam-pirenena RN1 Bis mampitohy an'i Tsiroanomandidy sy Maintirano.

### MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny Fikarakarana ny Fihaonambe momba ny Diplaomasia.

### MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana manokana amin'ny fampiharana ny naoty navoakan'ny Filan-kevitry ny Minisitra laharana faha-001/2015-PM/SGG/SC tamin'ny 27 janoary 2015 momba ny fampiatoana ny fanomezana fananana ho an'ny olon-tsotra an'ireo fananan'ny Kaominina, Faritra ary Faritany.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny tatitra sy fanazavana ny vokatry ny fandalinana mikasika ny tsy fihariana ara-tsakafo eto Madagasikara, sy tolo-kevitra amin'ny fanampiana ara-tsakafo ho an'ny tokantrano any amin'ireo toerana voasokajy ho *phase 3* sy *phase 4* amin'ny *IPC*.

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny famitana ny famarotana ny saha palmie ao Ivondro an'ny Orinasa *"Société Malgache pour le palmier à Huille (SOMAPALM)"* amin'ny Orinasa *"Savonnerie Tropicale"*.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahan-dalana hanao lavanty arahina fepetra "lafarinina efa lany daty" ao anaty kaontenera miisa 58 ary tsy azon'olombelona hanina intsony.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fihaonambe ara-Tetibolam-panjakana Isam-paritra *(CBR)* 2026.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fampiatoana ny fomba fanao momba ny fahazoana fananan-tany amin'ny alalan'ny fampiasana maharitra, izay manimba ny tombontsoan'ireo orinasa ananan'ny Fanjakana petrabola.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny tatitry ny iraka nataon'ny delegasiônina malagasy tany Frantsa ho famahana ny olana mikasika ny fandoavana onitra mifandray amin'ny Orinasa SARL Polo Garments Majunga ("PGM")

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY FITATERANA SY FAMANTARANA NY TOETRANDRO**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fankatoavana ny fandaharanasa nasiônaly ho fampandrosoana ny *"Plateforme Multimodale Logistique et Portuaire de Toamasina" (PMLPT).*

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava fampahafantarana ny fananganana ny Oniversiten'I Fitovinany.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava fampahafantarana ny fanaganana ny Vaomieran'ny Oniversite Nasionaly sy ny Fikarohana Siantifika (Commission Nationale Universitaire et de la Recherche Scientifique, CNURS).

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKINIKA SY NY FANOFANANA ARAKA ASA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandaminana ny satan'ny tany ampiasain'ny Minisiteran'ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana araka Asa.

**MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fampiatoana vonjimaika ny hetra alaina amin'ny vary hafarana mba hiantohana ny famatsiana ny tsena anatiny.

**MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANANA ASA ARY NY ASAM-PANJAKANA + MINISITEARAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fankatoavana ny vokatra farany azo avy amin'ny fanisana biometirika ireo Mpiasam-panjakana ao amin'ny sehatra laharam-pahamehana, dia ny Fanabeazam-pirenena sy ny fahasalamam-bahoaka eto Madagasikara, ary ny vina stratejika hanitarana izany amin'ireo Minisitera hafa.

**MINISITERAN'NY FITATERANA SY FAMANTARANA NY TOETRANDRO**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fitokanana ny Seranantsambon'i Mahajanga aorian'ny fahavitan'ny asa maika.

**MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ireo fepetra ilaina hiantohana ny famatsiam-bola ny asa fiarovana sy fampandehanana ny seranam-piaramanidina tantanin'ny *ADEMA S.A*, ao anatin'ny fanarenana ny kaompaniam-pitaterana ana habakabaka nasiônaly.

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanomezan-dalana ny JIRAMA mba hividy eo anivon'ny orinasa *Austral Turbo Machine (ATM)* ireo fitaovana sy kojakoja fanolo maro samihafa ho an'ny *Centrale TAC* Ambohimanambola.

**MINISITERAN' NY HARENA AN-KIBON'NY TANY**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fitsidihana ataon'ny solontenan'ny Sekretera Iraisampirenena ny EITI, ny 7 hatramin'ny 11 septambra 2026.

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanatanterahana ny Lalao ara-panatanjahantena Nasiônaly an'ny Mpiasam-panjakana "ASIEF" izay hatao any Manakara ny 23 aogositra ka hatramin'ny 05 septambra 2026 ho avy izao. Ny talata 25 aogositra kosa ny lanonana fanokafana ôfisialy.

## II. FANDRAISANA DIDY AMAN-DALANA

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORAN'AFO**

- Nolanina ny didim-panjakana enti-manambara fa asa ho fanasoavam-bahoaka ny asa fametrahana ny Tobim-pamokarana Herinaratra avy amin'ny Tara-masoandro ao Farahantsana, ary manome lalana ny fahazoana amin'ny alalan'ny fifanarahana an-tsitrapo na amin'ny alalan'ny fanesorana fananana noho ny antony maha tombontsoam-bahoaka ireo sombin-tany sy/na trano samihafa voakasiky ny fanatanterahana ireo asa ireo.

## III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa HERY Rosette** ho Kaontsily Jeneraly eo anivon'ny Biraon'ny Kaontsily Jeneralin'i Madagasikara ao la Réunion, Frantsa.

**MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa MANAMBISOA Tahirimampionona Baholy Larisse** ho Tale Jeneralin'ny Fanajariana ny Tany eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Raharahan-tany.

**MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1357 tamin'ny 01 desambra 2021 ary manendry an'**Andriamatoa RAVELOJOELIANDRIAMBELOARITAFIKA Aurélien** ho Talen'ny *Centre Hospitalier Universitaire* sy ny Fikarakarana ny Fahasalamana Analakely eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-1001 tamin'ny 06 jolay 2022 ary manendry an'**Andriamatoa FOMESAOTRA Razafindrakoto Juliot** ho Talen'ny *Transfusion Sanguine* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

**MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-453 tamin'ny 27 janoary 2026 ary manendry an-d**Ramatoa TIANA JOVANA** ho Talem-paritry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro ao Atsinanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-257 tamin'ny 20 janoary 2026 ary manendry an-d**Ramatoa RAHANTAMALALA Elysa** ho Talem-paritry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro Atsimo Atsinanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-094 tamin'ny 08 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa RAMBELOSON Harijaona Mamy** ho Tale misahana ny Fiantohana sy Fisorohana ny Loza eo amin'ny Fitaterana an-dalambe eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-977 tamin'ny 23 aprily 2026 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTONIAINA Rija Franco Eddie** ho Sekretera Jeneraly eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro.

**MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTOARIVONY Maminiaina** ho Tale misahana ny Fitantanan-draharaha sy ny Fitantanam-bola eo anivon'ny Rafitra Mpandrindra ny ara-panjakana momba ny Rano sy ny Fanadiovana *(OREA)*.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-913 tamin'ny 08 aprily 2026 ary manendry an-d**Ramatoa RANAIVO Voninala** ho Mpandrindra Ankapobeny ny Tetikasa sy ny Fiaraha-miasa eo anivon'ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana.

**MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa BETOMBO Bebel** ho Talem-paritry ny Serasera sy ny Kolontsaina ao amin'ny faritra Diana eo anivon'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa HARENASOA Mamiarinirina Hortensia Gabriella** ho Talem-paritry ny Serasera sy ny Kolontsaina ao amin'ny faritra Anosy eo anivon'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina.

***Antananarivo, 19 aogositra 2026,***

***Rahajason Harry Laurent***
***Talen'ny Serasera***
***eto anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika***